# NY LAHATSORATRA MANDRESY LAHATRA

## Sahanasa 1

a) Ny isan'ny mpandray anjara sy ny anarany ao amin'ny lahatsoratra :
Miisa roa ny mpandray anjara: i Legidro sy ny olombelona
b) Ny foto-dresaka ao amin'ny lahatsoratra :
Miresaka ny voka-dratsy ateraky ny doro tanety sy ny doro ala eo amin'ny zava-mananaina ary ny tokony hataotsika olombelona hanarenana izany.
d) Ity lahatsoratra ity dia "Lahatsoratra mandresy lahatra"satria misy rafitra mazava : lahatsoratra ahitana tolo-kevitra izay arahina tohan-kevitra ary miafara amin'ny tsoa-kevitra. Ireto voatanisa manaraka ireto no endrika isehoan'izany ao anaty lahatsoratra miaraka amin'ny fampiasana ireo teny savily enti-mandresy lahatra :

- ny fanazavan'i Legidro ny zava-misy iainany (izay no tolo-keviny miaraka amin'ny teny savily : fa… .loatra)
- ny anton'izany sy ny vokany eo amin'ny fiainany sy ny zava-mananaina toa azy.
(izay no tohan-keviny miaraka amin'ny teny savily : fa maninona… .,fa iza… , satria… ,)
- ny vahaolana hitaomany sy hiangaviany antsika olombelona hanarenana miaraka izany.
(izay no tsoa-keviny miaraka amin'ny teny savily : ndao isika… .)

## Sahanasa 2

a) Ny hevitra tian'i Legidro hotohanana na ny tolo-keviny.
Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanimbana ny ala sy ny voka-dratsin'izany eo amin'ny zava-mananaina ny olombelona. Koa iangaviana izy ireo hanova toetra amam-pihetsika ka hiaro ny ala ary hitsinjo ny zava-mananaina.
b) Nisy fomba nentiny mba handresy lahatra tokoa ny hevitra natolony, lazainy ny:

- zava-misy: avy hihinana akondro aho fa noana loatra!
- antony: satria may ny ala itoeranay!
  Iza moa fa tsy ianareo olombelona ihany?
- vokany: tsy misy sakafo ry Legidro sy ny biby tahaka azy.
- vahaolana: ndao isika rehetra hiara-hamongotra ny doro tanety !

d) Ireo teny kely hoentina handresen-dahatra ny hafa :

- valin-tenin'i Legidro voalohany, mampiasa teny savily milaza anton-javatra: fa… loatra
- valin-tenin'i Legidro faharoa, mampiasa teny savily milaza anton-javatra sy fanamafisan-kevitra:
satria… .
- valin-teniny fahatelo, mampiasa teny savily fanamafisan-kevitra:
… tsy… ihany

• ho fandravonana ny fandresen-dahatra nataony ireto no teny savily nampiasainy izay amin'ny filaza mandidy mirary na miangavy:
ndao… .isika… ..

• ankoatr'izay dia mbola ahitana fampiasana mpisolo manontany ihany koa ato amin'ny lahatsoratra:
…maninona, iza …?

• eo ihany koa ny fampiasana mpisolotena olona voalohany maro:
… isika

•Ireo teny kely izay ilaina amin'ny fahaizana mandresy lahatra ao amin'ny lahatsoratra :
……… fa, loatra, satria, tsy…ihany, ndao isika, maninona, iza, isika.

| Teny savily | Hevitra entiny |
|---|---|
| · Fa ny tena … .<br>· Anton'izany…<br>· Vokatr'izany…<br>· Ny dikan'izany… | Tolo-kevitra |
| · Satria…<br>· Marina fa… .<br>· Tsy azo lavina fa … | Tohan-kevitra |
| · Saingy, nefa, kanefa kosa, | Tsipa-kevitra |
| · Koa araka izany…<br>· Raha izany …dia… | Tsoa-kevitra |

## Sahanasa 3

• Mpampiankina na mpampitohy
- Mitady sakafo aho …fa… . noana. Mikaroka sakafo …satria……… te ho velona.
- Mba zarao re ny akondronao e!
- Raha hanome aho …kanefa……. tsy ampy ahy ity;
- Isika anie mpinamana…ka… . tsy hifampizara?

• Teny savily:
Hitantsika amin'izao fotoana izao …fa… miha miaina ao anaty loto ny mponina noho ny……. ny fananana toe-tsaina tsy te hisahirana. Loto no resahina dia ny fahantrana no averimberina; tsy misy ny vola hividianana savony, tsy misy ny rano, tsy misy ny kifafa! Hany ka… .. tonga ny aretina… ..vokatry…… ny loto, tsy maintsy mitady vola hitsaboana ny marary, satria……. avela ho faty ve ilay olona? Noho izany ….. aleo misoroka toy izay mitsabo.

Sahanasa 4

Lahatsoratra mandresy lahatra mivoy ny lohahevitra “Ny ady amin’ny valan’aretina COVID-19”, ahitana fehezanteny folo raha vitsy indrindra.

Valan’aretina mampidi-doza tokoa ny COVID-19. Aretina tena mora mifindra izy io satria fifampikasohana na piti-drora na piti-delo fotsiny dia efa ampy hahazoana azy. Mety ho voany avokoa ny sokajin’olona rehetra. Vokatr’izany anjatony, anarivony, analina mihitsy aza no matin’ity areti-mandoza ity isan’andro, maneran-tany. Mampihorin-koditra noho izany ny mahita sy mandre ny vaovao maneho ny fijaliana sy fangirifirian’ny ankamaroan’ny olona tratran’ny aretina. Betsaka anefa no mbola tsy miraharaha. Maro ny tsy mino mihitsy aza ny fisiany teto amintsika ka nanao tsinontsinona ny fepetra ara-pahasalamana apetraky ny fitondram-panjakana. Mbola tsy foana tanteraka ity aretina ity ankehitriny, azo sorohina tsara koa anefa. Manoloana izany indrindra dia ndao isika hiara-mientana ka hanaja ireo fepetra hiarovan-tena sy hiarovana ny hafa. Hiara-misoroka araka izay azo atao ity valan’aretina ity. Hiadam-pinaritra lavitry ny areti-mandoza COVID-19 anie isika vahoaka malagasy!

## 4 NY FITODIKY NY LAZAINA TOMPON-JAVATRA

Omeo ny hevitra ara-drafitr’ireto fehezanteny manaraka ireto

F1: Maro mpanenjika ny olona tia fivoarana.

- Omena ny anjara asan’ny teny tsirairay ao amin’ny fehezanteny

<u>Maro mpanenjika</u> <u>ny olona</u> <u>tia fivoarana</u>.
EM L ZP

- Omena ny FKI

<u>Maro mpanenjika</u> <u>ny olona</u> => ahitana anjara asa EM sy L, mivany 2
EM L

- Fantarina ny firafitry ny EM

Maro mpanenjika => Maro dia mpamaritoetra, mpanenjika kosa dia anarana izay EM tsy matoanteny ary andianteny mivadi-drafitra

- Omena ny HAD ny L

ka mitodika amin’ny L Tompon-javatra ny fehezanteny.

F2 : Mahatsara tarehy ny vehivavy lehibe ny fanasana ny endrika amin’ny rano matimaty.

- Omena ny anjara asan’ny teny tsirairay ao amin’ny fehezanteny

Mahatsara tarehy ny vehivavy lehibe ny fanasana endrika amin’ny rano matimaty.

- Avadika ho L ny RF

<u>Tsara tarehy</u> <u>nohon’ny fanasana endrika</u> <u>amin’ny rano matimaty</u> <u>ny vehivavy lehibe</u>.
EM RF ZP L

• Fantarina ny firafitry ny EM
Tsara tarehy => Tsara dia mpamaritoetra, tarehy kosa dia anarana izay EM tsy matoanteny ary andianteny mivadi-drafitra
• Omena ny fitodiky ny RF
mitodika amin'ny Tompon-javatra ny RF rehefa navadika ho L.

F3 : Vitsy mpiaro ny vahoaka sahirana.
• Omena ny anjara asan'ny teny tsirairay ao amin'ny fehezanteny.
Vitsy mpiaro ny vahoaka sahirana.
EM L ZP
• Omena ny FKI
Vitsy mpiaro ny vahoaka => ahitana ajara asa EM sy L mivany 2
EM L
• Fantarina ny firafitry ny EM
Vitsy mpiaro => Vitsy dia mpamaritoetra, mpiaro kosa dia anarana izay EM tsy matoanteny ary andianteny mivadi-drafitra
• Omena ny HAD ny L
ka mitodika amin'ny L Tompon-javatra ny fehezanteny.

F4 : Mahavaky loha ny mpitondra ny firongatry ny valan'aretina izao.
• Omena ny anjara asan'ny teny tsirairay ao amin'ny fehezanteny
Mahavaky loha ny mpitondra ny firongatry ny valan'aretina izao.
EM RF L
• Avadika ho L ny RF
Vaky loha nohon'ny firongatry ny valan'aretina izao ny mpitondra.
EM RF L
• Omena ny FKI
Vaky loha ny mpitondra => ahitana anjara asa EM sy L mivany 2
EM L
• Fantarina ny firafitry ny EM
Vaky loha => Vaky dia mpamaritoetra, loha kosa dia anarana izay EM tsy matoanteny ary andianteny mivadi-drafitra
• Omena ny HAD ny L
mitodika amin'ny Tompon-javatra ny RF rehefa navadika ho L.

F5 : Ratsy fiafara ny mpangalatr'omby.
• Omena ny anjara asan'ny teny tsirairay ao amin'ny fehezanteny
Ratsy fiafara ny mpangalatr'omby
EM L
• Omena ny FKI
• Fantarina ny firafitry ny EM
• Omena ny HAD ny L

Sahanasa 2

Lahatsoratra ahitana fehezanteny 10 (folo) milazalaza ny fandalovan'ny rivodoza teo an-tanana.

(valin-teny malalaka)

## 5 NY FAHAFATESANA

Sahanasa 1

Lahatsoratra iray mitanisa ireo fitenenana ifandimbiasan'ny olona mpamangy sy ny olona vangiana amin'ny fotoanan'ny famangiana ny mana-manjo

Miditra ao amin'ny tokatrano misy ny mana-manjo ny mpamangy.

Mpamangy: Manakory aby izato ianareo tompoko!

Mana-manjo: Indreto eto ratsy ihany izahay tompoko.

Mpamangy: Avy mamangy amin'ny fahoriana tompoko.

Mana-manjo: Misaotra indrindra tompoko.

Mpamangy: Amin'izao fahoriana midona amin'ny fianakaviana izao dia tonga eto izahay (fianakaviana, tapaka sy namana, ny tany ama-monina ... ) mitondra ny teny fampiononana, ny varavarana nivoahana no anareo fa ny fahoriana dia iarahana mizaka ary fomban'ny miakandrefam-baravarana rehetra izao ka dia mahaiza mionona tompoko.

Mana-manjo: Izao fijoroanareo mianakavy eto anatrehanay izao dia tena zavadehibe sy hery lehibe ho anay tokoa satria tsy misy mampionona aza moa mahay mionona koa mainka aza misy anareo mampionona ka dia misaotra indrindra tompoko.

Mpamangy: Aza misosok'alahelo intsony tompoko.

Mana-manjo: Misaotra indrindra ary tompoko.

Mpamangy: Manaraka izany dia misy ny fahendrena izay navelan'ny razana izay tsy hita ny mbola maharatsy azy dia misy voatsirambin'ny tanana avy aminay ho mariky ny fiaraha-mizaka izao fahoriana izao. Indro zavatra kely vary iray venty solon-dranom-bary tsy masaka sy singan-dandy ampombana ny maty.

Mana-manjo: Mbola mamerina ny fisaorana anareo hatrany izahay satria tsy vitan'ny hoe nijoro ianareo nampahery sy nitondra ny teny fampiononana fa mbola narahinareo vola amin-karena koa hitombo be ny nialany.

Mpamangy: Aza misoso-pahoriana intsony tompoko.

Mana-manjo: misaotra indrindra tompoko

Mpamangy: Na dia satrinay aza ny hiara-hipetrapetraka aminareo hanala ny fahanginana kanefa eo ihany koa noho ny tokatrano zaraina mahalana sy noho ny adidy tsy afa-misaraka amintsika olombelona dia hangata-dalana hitsaitsaika izahay.

Mana-manjo: Eny ary fa dia omen-dalana ianareo tompoko.

Sahanasa 2

**Ohabolana na fomba fiteny fantatra mifandraika amin'ny fahafatesana.**

- "Mamy ny miaina, aleo maty rahampitso toy izay maty anio."
- "Ny loza be maty tsy an-trehin-kavana dia toy ny adrisa ka mamikitra ahitra irery."
- "Ny anongotsongoana ny maty tahotra ny handevim-belona."
- "Raha maty aho matesa rahavana, raha maty rahavana matesa ny omby."
- "Ny velona arahim-potsimbary ny maty arahin-dambamena."
- "Mananjara izay malahelo misy mpampionona fa lavo misy mpanarina."
- "Andevolahy maty hariva ka vovon'amboa no solon-tafondrony."
- "Tsy tsara ny ranomaso tsy miaraka amam-paty."
- "Mifankatiava dieny mbola velona fa rehefa maty anie hifanondana ihany"
- "Velona iray trano, maty iray fasana."

## 9 NY LAHATSORATRA MANAZAVA

Sahanasa 1

• Lehilahy sy omby, angadin'omby. Tanimbary ahitana olona maromaro. Olona iray miasa eny an-tanimbary. Olona maro miloloha vary.

• Mikarakara tanimbary ny olona ary miasa ny tanimbary amin'ny angadin'omby izy. Manarak'omby miasa tany ilay lehilahy. Manetsa ny olona. Miava vary ilay olona izany hoe manala ny ahi-dratsy mba tsy hanimba ny vary. Mijinja vary na koa mampakatra ny vokatra fa fararano ny andro. Ny vehivavy mitaona ny vary.

Sahanasa 2

• Ny sokajy misy ireo lahatsoratra roa ireo sy ireo porofon'izany.

Ny sokajy misy ny lahatsoratra 1 " kitay telo an-dalana " dia lahatsoratra mitantara satria ahitana :

- toe-javatra manomboka ny fitantarana amin'ny hoe: « tany ambadik'Imanareza hono… »
- toe-javatra manelanelana izay mampiseho ny fivoaran'ny tantara
- toe-javatra mamarana amin'ny hoe : " Izany hono, no niandohan'ilay fiteny hoe: " kitay telo an-dalana, ka ny roa alanon'ny lahy ary ny iray alanon'ny vavy "
- toe-javatra tantaraina sy fifandimbiasana toe-javatra teo amin'ilay Rangahy sy Rafotsibe

- Ny sokajy misy ny lahatsoratra 2 " ny ray aman-dreny " dia lahatsoratra manoritsoritra satria ahitana :

  - fandokoana amin'ny antsipiriany ny momba ny ray aman-dreny: tsy ny olon-kanolo-bato mafana, ianao no soasoa sy bolangina.

  - famariparitana ny nataon'ny ray aman-dreny noho ny fitiavany ny zanany: ny lamosiny no manjoko, ny sandriny no lany hery, ny lohany no sola, niongo-bolo tsy fidiny, ny dinitry ny tavany.

  - filalaovana amin'ny sarin-teny isan-karazany toy ny :

▶ olon-kanolo-bato mafana ;
▶ lany fatotra amam-pondrana ;
▶ ilo nahamandina ;
▶ satro-boninahitra fito rantsana voaravaka vatosoa ;
▶ satroka vodiharona, lamba vorokitsay.

Sahanasa 3

Ireo porofo amantarana fa lahatsoratra manazava.
Ao anatin'ny sokajin-dahatsoratra manazava ny lahatsoratra "Ny fahalalam-pomba" satria ahitana :

- andian-teny mampiditra fanazavana: "ny… no antsoina hoe", "kanefa na izany aza", "tsy inona fa" …
- fehezanteny mitondra fanazavana matetika amin'ny fampiasana teboka roa
- fehezanteny mivadi-drafitra matetika mba hanomezana lanja ny zavatra tiana hambara sy hazava
- andian-teny mamintina ny hevitra tiana hampitaina: raha atao kapoka iray dia …

## 9 NY FEHEZANTENY KELY INDRINDRA na FKI

Sahanasa 1

F1: Mandia fotoan-tsarotra tokoa ny Malagasy.
EM RF ZP L
F2: Vita hatreo ny didiko fe lehibe.
EM RF L
F3: Maro ihany ireo olana miseho tato ho ato.
EM RF L ZP ZP

Sahanasa 2

F1: Mandia ny Malagasy. Tsy misy heviny
EM L
ka lasa hoe: Mandia fotoan-tsarotra ny Malagasy.
EM RF L
F2: Vita ny didiko fe lehibe.
EM L
F3: Maro ireo olana.
EM L

Sahanasa 3

F1: Mandia fotoan-tsarotra ny Malagasy. FKI : EM, RF, L. Mivany 3
EM RF L
F2: Vita ny didiko fe lehibe. FKI : EM, L. Mivany 2
EM L
F3: Maro ireo olana. FKI : EM, L. Mivany 2
EM L

## 9 NY HEVITRA ARA-DRAFITRA LAZAINA ATAO (HAD L ATAO)

Sahanasa 1

Ny HAD ny fehezanteny mitodika amin'ny L atao.

► **Mitady FKI isaky ny fehezanteny :**
F1: Aravona mialoha ny hanetsana ny tanimbary
EM RF ZP L
Aravona ny tanimbary, FKI: mivany roa, ahitana EM sy L
EM L
F2: Ahofa tsara ny vary be apombo
EM RF L ZP
Ahofa ny vary, FKI: mivany roa, ahitana EM sy L
EM L
F3: Ankalazaina fatratra ny fetim-pirenena Malagasy
EM RF L ZP
Ankalazaina ny fetim-pirenena, FKI: mivany roa, ahitana EM sy L
EM L

F4: Ahosotra amin'ny tanana ny savony
EM RF L

Ahosotra ny savony , FKI: mivany roa, ahitana EM sy L
EM L

▶ **Adika ny FKI tsirairay ka rasaiko ny EM (Avahana ny tsirinteny sy ny fototeny)**

F1: Aravona ny tanimbary
- Arovana : aro- fototeny, -v- fanatsaram-peo, -ana tovana

F2 : Ahofa ny vary
- Ahofa : a- tovona, hofa fototeny

F3 : Ankalazaina ny fetim-pirenena
- Ankalazaina : ankalaza fototeny,
- - ……………… - ina tsirinteny sara-droa

F4 : Ahosotra ny savony
- Ahosotra : a- tovona, hosotra fototeny

Ireo EM matoanteny aman-tovona a- amin'ny FKI mivany 2 :

F2: Ahofa
- Atao ahoana ny vary? valiny: ahofa, mitodika amin'ny L atao ny fehezanteny.

F4: Ahosotra
- Atao ahoana ny savony? valiny: ahosotra, mitodika amin'ny L atao ny fehezanteny.

Sahanasa 2

Mamadika ny L teo aloha ho lasa RF

- Manoko anana vao maraina Rasoa
EM RF L

Atokon'i Rasoa vao maraina ny anana
EM RF L

- Manantona ny hen'omby ho tazan'ny mpividy ny mpivaro-kena
EM RF L

Aanton'ny mpivaro-kena ho tazan'ny mpividy ny hen'omby
EM RF L

- Mangorona entana alohaloha ny mpivaro-damba sao latsaka ny orana
EM RF L

Aoron'ny mpivarotra alohaloha ny entana sao latsaka ny orana
EM RF L

- Mamatotra zanak'omby hamidy Ralay
EM RF L

Afatotr'i Ralay ny zanak'omby hamidy
EM RF L

- Manolotra vola ny mpivarotra i Dada
  EM RF L

Atolotr'i Dada ny mpivarotra ny vola
EM RF L

Sahanasa 3

▶ **Mamadika ny FKI mivany roa ho lasa mivany telo**

Atoko ny fatana
EM L

- mivany roa misy EM sy L, atao mivany telo : atokon'ny mpahandro ny fatana
EM RF L

Atatao ny entana
EM L

- mivany roa misy EM sy L, atao mivany telo : atataon'ny mpiantsena ny entana
EM RF L

Atsangana ny sainam-pirenena
EM L

- mivany roa misy EM sy L,
atao mivany telo : atsangan'ny mpianatra ny sainam-pirenena
EM RF L

Arafitra ny rindrina
EM L

- mivany roa misy EM sy L, atao mivany telo : arafitry ny mpandalotra ny rindrina
EM RF L

Araraka ny vatokely
EM L

- mivany roa misy EM sy L,
atao mivany telo : araraky ny mpanao lalana ny vatokely
EM RF L

## 9 NY ANJARA ASA: REM - RL - ZEM - ZL

Sahanasa 1

a)
F1: Fantatro loatra (fa) mampalahelo azy tokoa io toe-javatra io.
F2: Noheveriny mantsy (fa) vita moramora toy izany ilay izy.

b)
F1: Fantatro loatra ……………………………………………………………………………..
EM RF ZP
F2: Noheveri ny mantsy …………………………………………………………………………….
EM RF ZP

Sahanasa 2

F1: Mampatahotra tokoa fa mihanaka be izay tsy izy ny valanaretina.
REM ZL

F2: Tsikaritra mihintsy fa tsy mitandrina ny ankamaroan'ny olona.
REM ZEM

F3: Tsara raha ny tsirairay no miaro ny tenany amin'ny aretina.
ZL ZEM

## 9 NY MPANORATRA SY NY ASA SORATRA

Sahanasa 1

Manasa anao hijery ny boky nosoratan'i Esther RASOLOARIMALALA RANDRIAMAMONJY mitondra ny lohateny hoe : « NY SODIN'I SOLOFO » ka manaova tatitra ny vaky boky hitarafana ny hevi-dehibe asongadin'ny mpanoratra.

Sahanasa 2

Manasa anao hijery ny boky nosoratan'i Clarisse RATSIFANDRIAMANANA mitondra ny lohateny hoe : « LAVAKOMBARIKA» ka manaova tatitra ny vaky boky hitarafana ny hevi-dehibe asongadin'ny mpanoratra.

## 9 NY FAMADIHANA

Sahanasa 1

- Ohabolana sy fomba fiteny:

- "Velona iray trano maty iray fasana. »
- « Anisan'ny zavatra mafy indrindra amin'ny Malagasy ny hoe: very faty. »
- « Rehefa misy taranaka manao zavatra heverina fa mamotika ny fiainam-pianakaviana, ny sazy faratampony ampiharina dia ny hoe: tsy mahazo milevina am-pasan-drazana. »
- « Fomba fiteny matetika ny hoe: ny maty aza mba te ho maro. »
- « Fandre matetika amin'ny lanonam-pamadihana ny hoe: hitahy ny razana. »

Sahanasa 2

Lahatsoratra manazava ny famadihana izay anisan'ny fomba amampanao maneho ny soatoavina iombonana eo amin'ny Malagasy

Fety iray lehibe manan-danja eo amin'ny faritra misy azy ny famadihana. Amin'ny fety hafa rehetra, mananosarotra ny fifamoriana eo amin'ny mpianakavy. Amin'ny famadihana kosa dia toa mora foana izany fifamoriana izany. Ahafahana maneho ny maha izy azy ny famadihana izany.

Vanim-potoana main-tany ny fanatontosana ny famadihana. Volana maro alohan'izany dia efa nanomboka ny fifampidinihina eo amin'ny mpianakavy. Ahitana taratra ny hevitra fonosin'ny famadihana izany. Ankoatry ny fampodiana ireo havana maty any ivelan'ny fasan-drazana, dia fotoana famonosana ny taolambalon'ireo razana ao am-pasana ihany koa ny famadihana. Hafaliam-be ho an'ny mpianakavy sy ny mpiara-monina izany fotoana izany. Ankoatry ny dihy sy ny korana dia eo koa ny sakafo iombonana na ny vary be menaka. Io fotoana hamonosan-damba ny razana io koa no ifampikasoan'ny velona sy ny maty. Samy manana ny tsingerin-taona fanatontosany azy ny mpianakavy. Anelanelan'ny fito sy ny sivy taona no fahita matetika.

Raha finitinina dia endrika iray hanehoan'ny Malagasy ny fiheverana ny fifandraisa'ny velona sy ny maty ny famadihana. Toy izany koa ny fitampoha any amin'ny faritra Sakalava, ny fetin'ny maty any amin'ny Betsimisaraka dia samy fototra ilafihan'ny fotopisainana manaja sy manome hasina ny razana.

## 17 NY VALINTANANA

Sahanasa 1

Fetin'ny asa

Voalohan'ny volana mey ny andro. Fetin'ny mpiasa koa. Vao maraina ihany koa aho dia tonga tany amin'ny tanàna nahabe anay; nefa zaza amambehivavy revo mikarakara sakafo atoandron'ny mpiasa no hany tratrako tao. Ny vatan-dehilahy efa any an-tsaha avokoa araka ny fanazavan-dRanabavy. Falifaly ery izy nanampy hoe: "Nindrana mpinjinja vary mantsy izahay ka eny an-tanimbary izao ny zaodahinao miaraka amin'ny olona marobe. Ety aminay moa ny valintanana mbola tsy tontan'ny ela sady tsy mba firehan-kevitra nohafarana; ny milina samihafa koa mbola tsy eo hisolo azy".

Lasa avy hatrany aho nankeny an-tanimbary. Rakotra olona tokoa ilay tanimbary mahavokatra hatry ny ela. Ny etsy mijinja, ny eroa mitaona, ny hafa mandamina ny tonta. Mifampizara izy rehetra amin'izany ka iaraha-mihoby ny mahavita aloha, nefa ifanampiana koa izay tratra aoriana na amin'ny fijinjana na amin'ny fitaomana.

a. Ny foto-dresaka ao amin'ny lahatsoratra

→ ny valintanana.

b- Ny fehezanteny ahitana ny foto-kevitra ijoroan'ny lahatsoratra.

→ Isan'ny fomba iray nentim-paharazana nataon'ny mpiara-monina hanamora ny lahasa fivelomana ny valin-tanana.

Sahanasa 2

a. Ireo andian-teny na fehezanteny maneho fihetsika na fomba mikasika valintanana

- Nindrana mpijinja vary mantsy izahay.
- Ety aminay moa ny valintanana tsy tonta ny ela.
- Rakotra olona marobe tokoa ilay tanimbary.

b. Ny hevitr'ireo andian-teny na fehezanteny maneho fihetsika na fomba mikasika ny valintanana:

- Nindrana mpijinja vary mantsy izahay: mamboly vary izahay ka rehefa matoy (masaka) ilay vary dia nindrana (naka) olona hijinja sy hitaona ary handamina ny tonta.

- Ety aminay moa ny valintanana tsy tonta ny ela: na dia nitondra fivoarana aza ny taona nifandimby, tsy mbola voasolon'ny fomba hafa na fitaovana ny fanao nitety vanim-potoana rehefa miatrika ny asa sarotra sy mila tana-maro amin'ny fiatrehana ny fivelomana.

- Rakotra olona marobe tokoa ilay tanimbary: feno olona miasa eny an- tanimbary, ary ny tsirairay samy amin'izay manavanana azy avy sy ny sokajin-taonany. Miandahy miambavy araka izany ny fifanomezan-tanana satria ny firaisana no hery.

d.

- Ny tontolo ahitana ny fanaovana valintanana

  → Amin'ny tontolon'ny asa eny ambanivohitra no isehoan'ny valintanana.

- Ny asa ampiasana ny valintanana

  → Ampiasana amin'ny sehatr'asa maro ny valintanana fa misongadina indrindra amin'izany ny asa ilana tana-maro.

- Ny fotoana anaovana azy

  → Araka ny karazan'asa atao ny vanim-potoana anaovana azy. Eto dia ny fizaran-taona fararano no isehoany satria vanm-potoana fiakaran'ny vokatra dia ny fijinjam-bary izany.

- Ireo manatanteraka ny valintanana

  → Miandahy miambavy ny asa isehoan'ny valintanana eto.

- Ny tsy maintsy atao alohan'ny hanatanterahana ny asa
  → Ny fampandrenesana ny olona sy ny fifandaminana amin'ireo olona handray anjara no anisan'ireo fanomanana mialoha ilaina. Toy izany koa ny fiheverana ny sakafo ho an'ireo nanohina ny antso.
- Ny vokatra andrandraina amin'ny fanatanterahana azy io
  → Anisan'ny vokatra andrandraina amin'ny valintanana ny fahatontosan'ny asa fihariana sy fivelomana. Eo amin'ny lafiny fiarahamonina kosa dia ny fanamafisana ny fihavanana sy ny firaisan-kina.

Sahanasa 3

a. Ny soatoavina mifanaraka amin'ireto fomba amam-panao sy fihetsika eo amin'ny fanatontosana ny valintanana ireto.

| Fomba atao sy fihetsika | Soatoavina fonosiny |
|---|---|
| - Olona marobe no miasa. | - Mariky ny fifankatiavana sy firaisankina. Hita taratra izany amin'ny fiheverana fa ny mita be tsy lanin'ny mamba, ny firaisan-kina no hery.<br>- Fomba fiasa tsy nilana vola ny valintanana, midika ho fifampitsinjovana sy fifampatokisana izany. Azo lazaina fa fomba fiasa manome lanja ny fihavanana sy ny fahombiazan'ny fihariana. |
| - Fikarakarana sakafo ho an'ireo mpiasa. | - Maneho ny fihavanana sy fifankatiavana eo amin'ny mpifanao valintanana. Manaraka izany koa ny fiheverana hoe: izay miasa mendrika no mihinana. Ny sakaofo rahateo amin'ny faritra sasany dia heverjna ho toy ny nofon-kena mitam-pihavanana mandrakariva. |

b.

| SOATOAVINA | FARITRA |
|---|---|
| Tambirô | Faritra avaratra |
| Valin-tanana | Afovoan-tany |
| Lampoŋo | Faritra avaratra |
| kifanomba | Betsileo |
| Fehy miasa | Atsimo atsinanana |

d. Ohabolana sy fomba fiteny manamafy ny fifanomezan-tanana eo amin'ny Malagasy

- «Ny entan-jarai-mora zaka»
- «Asa vadi-drano tsy vita tsy ifanakonana»
- «Tsy mahavaly fitia toa zaza»
- «Hazo tokana tsy mba ala, olon-tokana tsy mba vahoaka»
- «Taotrano tsy efan'ny irery»
- «Tongotra miara-mamindra, soroka miara-milanja».

Sahanasa 4

***Lahatsoratra***

Mifamatotra amin'ny fifehezana sy famolahana ny zavaboahary hatrany ny fiainan'ny Malagasy. Ny tontolo ambanivohitra rehetra dia saika voafoakan'izany avokoa. Hiatrehana ny fivelomana ary dia teraka ny valintanana. Fomba iray nampiharina hanamorana ny fiharian-karena.

Manoloana ny asa sarotra sy mankadiry miandry dia mahatsiaro tena ho marefo ny olombelona. Ny fifanomezan-tanana eo amin'ny mpiarabelona, mpihavana, olona mitovy tanjona kendrena, mpiray tanàna
( . . . ) no mifampindrana miara-manantontosa lahasa. Tsy misy vola aloha amin'izany fa fitia mifamaly. Na izany aza, manao sakafo sahaza ny mpandray anjara amin'ny valintanana ny tompon-draharaha. Hafaliana eo am-panaovana ny asa sy fihavanana mirindra no tafajoro amin'izany. Ny valintanana eo amin'ny asa tany be velarana, sy ny seha-pamokarana mila tana-maro dia filana fototra amin'ny fihariana ambanivohitra. Ny zava-misy dia arakaraka ny asa atao ny karazan'olona manao ny valintanana. Mety ho olona samy manana sarety, mety ho samy vehivavy na samy lehilahy . . . no mifanome tanana amin'izany.

Raha fintinina dia fiaraha-miasa mahomby mifototra amin'ny fifampahatokisana sy ny fihavanana ny valintanana. Azo lazaina fa soatoavina maneho firaisan-kina sy fiombonana mampiavaka ny Malagasy io fomba fanao io noho izany . Samy manana ny mampiavaka azy ny isam-paritra fa ny andry iankinan'ny foto-pisainana iray ihany.

na samy lehilahy . . . no mifanome tanana amin'izany.

Rafa fintinina dia fiaraha-miasa mahomby mifototra amin'ny fifampahatokisana sy ny fihavanana ny valin-tanana. Azo lazaina fa soatoavina maneho firaisan-kiana sy fiombonana mampiavaka ny Malagasy io fomba fanao io noho izany . Samy manana ny mampiavaka azy ny isam-paritra fa ny andry iankinan'ny foto-pisainana iray ihany.

ifamatotra amin'ny fifehezana sy famolahana ny zavaboary hatrany ny fiaina'ny Malagasy. Ny tontolo ambanivohitra rehetra dia saika voafoakan'izany avokoa. Hiatrehana ny fahavelomana ary dia teraka ny valin-

## Sahanasa 3

boky - saina - miloko

kitapo - tabilao - kahie

- Mamaky boky i Feno.
- Miloko mavo ny sekolinay.
- Mibaby kitapo i Koly.
- Manana kahie vaovao aho.


21

# NY LITERA [ k ]

## SORATRA


## Sahanasa 1


- Manorina sekoly ny olona.
- « sekoly ».
- se-ko-ly
- « k ».
- k-k-k-k-k



*k - k - k - k - k - k - k*

Sahanasa 2




Sahanasa 3

- *Manorina sekoly ny olona.*
- 
    → miloko
    → kanety
    → kitapo

- kapa, akoho, kitapo

## 22 NY FIOMPIANA

**FANAZARANA HITENY**

Sahanasa 1

- Tovovavy kely iray, saka na piso, tsihy na lamaka
- Ao an-trano
- Saka na piso
- Mamahana piso na saka i mora

Sahanasa 2

- Saka na piso
- Omena sakafo, anomanana sobika kely asiana fasika fikakazany, atao vaksiny, tsaboina rehefa marary, …
- Omby, kisoa, akoho ary gisa.
- Omena sakafo, anamboarana trano, diovina ny tranony, atao vaksiny, tsaboina, …
- Soavaly, ondry, osy, gana, alika, vorontsiloza, bitro…

Sahanasa 3

- Ny karazana biby fiompy hotantaraiko dia ny akoho.
- Ny toerana iompiana azy dia ao amin'ny tranon'akoho na tokotany
- Isa-maraina sy isan-kariva dia omena vary, katsaka, provandy, ampisotroina rano ihany koa atao anaty lakana,...
- Ny zavatra nahafinaritra ahy amin'io biby fiompy io dia izy manatody lava, ...

► Henan'omby (avy amin'ny omby), ronono (avy amin'ny omby), dibera (avy amin'ny rononon'omby), hen'akoho (avy amin'ny akoho), atody (avy amin'ny akoho na gana na gisa),...

## 23 NY FEO « p »

VAKITENY

Sahanasa 1

- Mamahana piso i mira.
- 

mamahana - piso - i - Mira

- piso
- pi
- p – p – p – p

Sahanasa 2

- poara, pibasy, kapa
- po – pi – pa
- po – pi – pa

Sahanasa 3

- Mipasoka, mikapa, mipoaka, mipelipelika
- 

1 : Mipasoka pataloha i neny.
2 : Mikapa kitay i dada.
3 : Mipoaka ny basy.
4 : Mipelipelika ny bibilava.

Sahanasa 1

- Neny mipetraka ambony seza bory sady mitazona fanafody, i mora mipetraka eo ambony ankalana, …
- Ao an-trano
- Manisy fanafody ny lohalik'i Mora i neny.

Sahanasa 2

- 
  - sary 1 : Olona mikohaka.
  - sary 2 : Olona marary kibo .
  - sary 3 : Olona voan'ny sery.
- 
  - sary 1 : Manasa tanana.
  - sary 2 : Mihinana voankazo.
  - sary 3 : Milalao, manao fanatanjahantena.
- Ny antony :
  - hanasana tanana : hisoroana ny loto.
  - hihinanana voankazo : mahasalama, hahazoana vitaminina.
  - hanaovana fanatanjahantena : fampiasana vatana, ilaina amin'ny fahasalamana.
- 
  - sary 1 : Mpianatra manangan-tsaina eo an-tokotanin-tsekoly.
  - sary 2 : Ankohonana mamonjy tobim-pahasalamana.
  - sary 3 : Mpivarotra sy mpividy ao an-tsena.
- Mandeha any amin'ny tobim-pahasalamana na toeram-pitsaboana. ( izany hoe ny sary 2 )

Sahanasa 3

1) Tazo, areti-nify, marary an-doha, …

2)
  - Tazo : sorohina ny lobolobo, totofana ny rano miandrona fanatodizan'ny moka, …
  - Areti-nify : diovina isan'andro ny nify, tsy mihinana zavatra mamy matetika, …
  - Marary an-doha : manao satroka rehefa mafana ny andro, tsy mijery fahitalavitra maharitra na milalao finday ela loatra, …

3) a- Nisy olona iray fantatro nitaraina narary kibo mafy sady nivalana.
   b- Ny anaran'ilay olona narary dia i Meva.
   c - Nasaina nisotro rano mafana izy hampivoaka ny rivotra sy hanoloana ny rano very vokatry ny fivalanana, nentina haingana namonjy tobim-pahasalanana, …

25

# NY FEO [ f ]

VAKITENY

Sahanasa 1

- Manisy fanafody ny lohalik'i mora i neny.
- Asiana - fanafody - ny - lohalika.
- " fanafody "
- fa - fo
- « f »
- f – f – f – f – f

Sahanasa 2

- fody, fihigo, fary, fefy
- fo – fa – fi – fe - fy
- fo – fa – fi – fe - fy

▶

| vary | very | volo | vidy |
|---|---|---|---|
| fary | fery | folo | fidy |

Sahanasa 3

▶

→ Mitana fihogo i neny.

▶

1 ) fako - Atao anaty daba ny fako.
2 ) fody – Mahafinaritra ny lokon'ny fody.
3 ) fary – Mamy ny fary.
4 ) fefy – Manamboatra fefy i dada sy mora.
5 ) fihogo – Mandray fihogo i mira.